# FANTARO I CARMEN
## avy any Libanona

*Fantaro ireo ankizy ao amin'
ny Kilonga manampy ny hafa,
tahaka ny nataon'i Jesoa.*




### Ny mombamomba an'i Carmen rehetra



**TAONA:** 8

**FIAVIANA:** Syria saingy mipetraka any Libanona amin'izao

**FITENY:** Arabo, Anglisy

**TANJONA SY NOFINOFY:**
1) Hitsidika ny tempoly.
2) Ho lasa mpanakanto
3) Hanao asa fitoriana ny filazantsara.



**FIANAKAVIANA:** Manana zoky vavy roa i Carmen ary zoky lahy iray.

SARY NATAON'I SVETLA RADIVOEVA



## Ireo asa fanomezantananana ataon'i Carmen

Mipetraka any Libanona i Carmen sy ny reniny, saingy tany Syria izy ireo no nipetraka taloha. Avy any Syria ihany koa ny mpiara-monina aminy. Tamin'ny desambra lasa teo dia naniry ny hanao zavatra tsara ho azy ireo i Carmen. Isan'andro mandrapahatonga ny Krismasy dia nividy zavatra kely iray tao amin'ny trano fivarotana i Carmen. Nataony tao anaty boaty izany rehetra izany. Afaka 25 andro dia feno ilay boaty. Tamin'ny andron'ny Krismasy dia nentin'i Carmen tany amin'ireo mpiray monina aminy ilay boaty. Tena feno fankasitrahana izy ireo. Nilaza i Carmen fa nanampy azy hahatsiaro ny fanompoana nataon'i Jesoa Kristy ny fanompoana nataony. "Rehefa maneho fitiavana ny hafa isika," hoy i Carmen, "dia mahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra."



**Manaraka an'i Jesoa i Carmen amin'ny fanampiana ny mpiara-monina aminy. Avadiho ny pejy mba hamakina tantara iray momba ny fomba nampianaran'i Jesoa antsika hitia ny namantsika.**

### Ireo zavatra tian'i Carmen



**TANTARA MOMBA AN'I JESOA :** Tamin' Izy nandeha teo ambony rano



**TOERANA:** Amorondranomasina



**SAKAFO:** Paty, gilasy sundaes




**HIRAN'NY KILONGA:** "Tia ahy ny Ray any An-danitra" (Bokin-kiran'ny ankizy, 16)



**TARANJA ANY AN-TSEKOLY:** Siansa

**LOKO:** Volomparasy

### Midira ao amin'ny Ekipan'ny Manome Tanana!



Rehefa manompo ny hafa ianao dia isan'ny ekipan'ny Manome Tanana! Iza no azonao tompoina?